REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana- Fandrosoana

MINISTERE DE LA FONCTION PUBLIQUE,
DU TRAVAIL ET DES LOIS SOCIALES

DECRET N° **2007 - 564**
fixant la composition ainsi que les règles d'organisation et de fonctionnement du Conseil Supérieur de la Fonction Publique

LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,

- Vu la Convention internationale du Travail n°087 sur la liberté syndicale et la protection du droit syndical ;
- Vu la Constitution ;
- Vu la loi n°2003-011 du 03 septembre 2003 relative au statut général des fonctionnaires et les textes subséquents ;
- Vu le décret n°2007-022 du 20 janvier 2007 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2007-025 du 25 janvier 2007 modifié par le décret n°2007-120 du 19 février 2007 portant nomination des Membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n° 2007-209 du 06 mars 2007 fixant les attributions du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
- Après avis du Conseil Supérieur de la Fonction Publique en date du 1er mars 2007 ;

Sur proposition du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales,
En Conseil du Gouvernement,

D E C R E T E :

Article premier- Le présent décret modifie et remplace le Décret n°2002-1195 du 07 octobre 2002 fixant la composition ainsi que les règles d'organisation et de fonctionnement du Conseil Supérieur de la Fonction Publique.

Article 2. - En application des dispositions des articles 40 et 41 de la loi n°2003-011 du 03 septembre 2003 susvisée, le Conseil Supérieur de la Fonction Publique est un organe à caractère consultatif dont la composition est fixée comme suit :

Président : Le Ministre chargé de la Fonction Publique ou son représentant,
Membres :

- Vingt quatre représentants des départements ministériels,
- Vingt quatre représentants des centrales et organisations syndicales, sous réserve d'une demande écrite formulée par l'organisme intéressé, adressée au Ministre chargé de la Fonction Publique et à laquelle doivent être jointes sous peine d'irrecevabilité les pièces ci-après :

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

MINISITERAN'NY ASAM-PANJAKANA, NY ASA
ARY NY LALANA SOSIALY

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA- **2007- 564**
mametra ny mpikambana sy ny fitsipi-pandaminana ary ny fomba fiasan'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana

NY PRAIMINISTRA SADY LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,

- Araka ny Fifanarahana iraisam-pirenenan'ny Asa laharana faha-087 momba ny fahalalahana sendikaly sy ny fiahiana ny zo sendikaly ;
- Araka ny Lalam-panorenana ;
- Araka ny lalàna laharana faha 2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003 mikasika ny sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana sy ireo sy ny rinjanteny taty aoriana ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2007-022 tamin'ny 20 janoary 2007 manendry ny Praiministra sady Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2007-025 tamin'ny 25 janoary 2007 nasiampanovana tamin'ny didim-panjakana laharana faha-2007-120 tamin'ny 19 febroary 2007 manendry ny mambra ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2007-209 tamin'ny 06 marsa 2007 mamaritra ny andraikitrin'ny Ministrin'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ary manoritra ny fandaminana ankapobe ny ministerany ;
- Araka ny hevitrin'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana tamin'ny voalohan'ny volana marsa 2007 ;

Araka ny tolokevitra naroson'ny Ministrin'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy,
Eo ampivorian'ny Governemanta,

DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO :

Andininy voalohany .- Ity didim-panjakana ity dia manova ary manolo tanteraka ny didim-panjakana laharana faha-2002-1195 tamin'ny 7 octobra 2002 mametra ny mpikambana sy ny fitsipi-pandaminana ary ny fomba fiasan'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana.

Andininy faha 2.- Ho fampiarana ireo fepetra voalazan'ny andidiny faha 40 sy 41 ny lalàna laharana faha 2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003, voatsiahy etsy ambony, ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia sehatr'asa iray fangalana hevitra, ka ferana toy izao ny mpikambana ao aminy :

Filoha : Ny Ministra misahana ny Asam-panjakana na ny solontenany ;
Mambra :

- Efatra amby roampolo solontenan'ny departemantan'ny ministera ;
- Efatra amby roampolo solontenan'ny vondrona sy fikambanana sendikaly, izay nametraka fangatahana antsoratra nataon'ireo vondrona voakasika ireo ka nalefa ho an'ny Ministra misahana ny Asam-panjakana ary tsy maintsy hampiarahana amin'izany ireto antontan-taratasy

- une copie certifiée du récépissé de dépôt des statuts auprès des autorités compétentes,

- un exemplaire des statuts,
- les noms des membres du bureau ou chargés de l'administration ou de direction en exercice.

ireto mba hampanankery azy ;
- dika voamarina iray ny takila manamarina ny fametrahana ny sata tany amin'ny manampahefana mahefa,
- dika ny sata iray,
- Anaran'ireo mambran' ny birao na ny mpiandraikitra ny fitantanana na ny mpitondra amperin'asa.

En cas de recours relatifs à l'avancement et à la discipline formulés par un fonctionnaire, le Conseil Supérieur de la Fonction Publique est composé en outre d'un représentant du département employeur de l'intéressé faisant fonction de rapporteur avec voix consultative.

Le Conseil Supérieur de la Fonction Publique peut faire appel à toute personne qu'il juge utile de consulter.

. Raha mivory momba ny fitarainana farany mikasika ny fisondrontana sy ny fitsipi-pifehezana avy amin'ny mpiasam-panjakana ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia miampy solontena iray n'ny departemanta mpampiasan' ilay mpiasam-panjakana manao ny asan'ny mpitatitra ary manana vato filan-kevitra.

Ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia afaka miantso izay olona rehetra fantany fa ilaina ny heviny.

Article 3. - Les membres du Conseil Supérieur de la Fonction Publique sont nommés par arrêté du Ministre chargé de la Fonction Publique, sur proposition des organismes concernés, et à raison d'un représentant titulaire et d'un représentant suppléant. Chaque organisme a la faculté de mettre fin à tout mandat du représentant qu'il a proposé.

Andininy faha 3.- Ny mambran'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana hataon'ny Ministra misahana ny Asam-panjakana araky ny tolon-kevitrin'ny sehatr'asa voakasika ary iray ho solontena topo-toerana ary iray ho solontena mpisolo-toerana Ny sehatr'asa tsirairay dia afaka mamarana ny fe-potoana hiasan'ny solontena izay natolony.

Article 4. - La durée du mandat des membres du Conseil Supérieur de la Fonction Publique est de deux ans, renouvelable.

Le dit mandat est gratuit.

Toutefois, une indemnité représentative de frais occasionnés pour la participation aux réunions du Conseil est attribuée aux membres.

Andininy faha 4.-Ny faharetan'ny fe-potoana hiasan'ny mambra ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia roa taona, azo havaozina.

Io fe-potoana hiasana io dia handraisana karama.

Na dia izany aza dia omena tambin-karama ny mambra mba ho solon'ireo lany tamin'ny fandraisany anjara tamin'ny fivorian'ny Filan-kevitra.

Article 5. - Le Conseil Supérieur de la Fonction Publique se réunit sur convocation de son Président, soit de sa propre initiative, soit à la demande du cinquième de ses membres.

La convocation comportant l'ordre du jour doit être adressée aux intéressés quinze jours au moins avant la date de la réunion.

Toutefois, en cas d'urgence constatée par le Président ou le cinquième des membres, la convocation doit parvenir aux intéressés quarante huit (48) heures avant la tenue de la séance prévue.

Les documents relatifs à l'ordre du jour doivent être joints à la convocation.

Andininy faha 5.- Ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia mivory araka ny fiantsona nataon'ny Filohany, ka na araky ny heviny manokana, na araky ny fangatahan'ny iray ampaha-dimy ny mambra.

Ny fiantsona izay mampahafantatra ny fandaharam-potoana dia tsy maintsy halefa any amin'ny mambra dimy amby folo andro mialoha ny fivoriana, fara fahatarany.

Kanefa, raha hitan'i Filoha na ny iray ampaha-dimy ny mambra fa misy fahamehana, dia tsy maintsy voaray ny tsirairay valo ambi-efapolo (48) ora mialohan'ilay fotoana hivoriana ny fiantsona.

Ny antontantaratasy hodinihina amin'ny fandaharam-potoana dia tsy maintsy ampanarahina ny fiantsona.

Article 6. - Le Conseil Supérieur de la Fonction Publique ne peut siéger qu'à la majorité absolue des membres représentant les entités qui le composent.

Toutefois, si le quorum n'est pas atteint, une deuxième convocation doit être faite dans les quinze jours qui suivent la date prévue pour la première réunion et dans les vingt quatre heures au cas où l'urgence mentionnée à l'article 5 alinéa 3 ci-dessus est constatée.

Andininy faha 6.- Tsy manankery ny fivorian'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana raha tsy tonga ny antsasamanila ny mambra misolontena ny vondrona mpikambana ao aminy.

. Raha toa tsy ampy io isa tratrarina io dia tsy maintsy misy fiantsona faharoa izay alefa dimy amby folo andro manaraka ny vaninandro ny fivoriana voalohany ary ao anatin'ny efatra amby roapolo ora raha toa ka tsapa ny hamehana voalaza amin'ny andininy faha 5 andalana faha-3 etsy ambony.

Article 7. - Les délibérations du Conseil Supérieur de la Fonction Publique sont prises à la majorité absolue des membres présents.

En cas de partage égal des voix, celle du Président est prépondérante.

Andininy faha-7.- Ny fanampaha-kevitrin'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia raisina raha lanin'ny antsasamanilan'ny mambra tonga nivory.

Raha sendra mitovy ny isan'ny nandany sy nandà dia izay mitovy hevitra amin'ny Filoha no manankery.

Article 8. - Le secrétariat du Conseil Supérieur de la Fonction Publique est assuré par le Ministère chargé de la Fonction Publique.

Il est tenu des procès-verbaux des réunions du Conseil Supérieur de la Fonction Publique.

Andininy faha-8.- Iandraiketan'ny Ministera misahana ny Asam-panjakana ny sekretarian' ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana.

Misy ny fitanana an-tsoratra ireo fivorian'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana.

Article 9. - Les avis et propositions du Conseil Supérieur de la Fonction Publique sont pris en considération par l'autorité compétente pour prendre l'acte concerné.

Toutefois, tout acte soumis en Conseil Supérieur de la Fonction Publique mais qui ne sont pas conforme à ses avis et propositions fait état des motifs pour lesquels il y a été passé outre.

Andininy faha-9.- Ny hevitra sy ny tolo-kevitra nataon'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia tokony ho jeren'ny manampahefana mahefa raha toa haka fanampahakevitra mikasika izany izy.
Fa kosa, amin'izay taratasy nangalana ny hevitrin'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana nefa tsy nivoaka na tsy narahana ny heviny na ny tolo-keviny dia tokony omena azy ny antony tsy nanantanterahana izany.

Article 10. - Avant d'être soumis à l'examen du Conseil Supérieur de la Fonction Publique, tout projet de texte législatif ou réglementaire intéressant l'ensemble du personnel de la Fonction Publique doit requérir l'avis des Conseils Régionaux de la Fonction Publique.

Andininy faha-10.- Alohan'ny handinihan'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana ny volavolan-didy aman-dalana rehetra iraisan'ny mpiasa ampiasain'ny Fanjakana manontolo dia tokony angalana mialoha ny hevitrin'ny Filan-kevi-paritra ny Asam-panjakana.

Article11. - Le Conseil Régional de la Fonction Publique constitue un organe déconcentré du Conseil Supérieur de la Fonction Publique.

Andininy faha-11 .- Ny Filan-kevi-paritra ny Asam-panjakana dia sampana intsinjaram-pahefanan'ny. Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana.

Article 12. - La composition et le fonctionnement des Conseils Régionaux de la Fonction Publique font l'objet d'un arrêté pris par le Ministre chargé de la Fonction Publique.

Andininy faha-12.- Ny mpikambana sy ny fomba fiasan'ny Filan-kevi-paritra ny Asam-panjakana dia hatao amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ministra misahana ny Asam-panjakana.

Article 13. - A titre transitoire, le Conseil Supérieur de la Fonction Publique peut fonctionner par dérogation aux dispositions de l'article 10 du présent décret dès sa constitution, et ce, jusqu'à la mise en place des Conseils Régionaux de la Fonction Publique.

Andininy faha-13.- Eo ampiandrasana izany, ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia afaka miasa na dia eo aza izany voalazan'ny andininy faha 10 n'ity didim-panjakana ity raha vao tafatsangana ary izany mandram-paha tafatsangana an'ireo Filan-kevi-paritra ny Asam-panjakanana.

Article 14. - Le règlement intérieur du Conseil Supérieur de la Fonction Publique est fixé par arrêté du Ministre chargé de la Fonction Publique.

Andininy faha-14- Ny fitsipi-pifehezana anatiny ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana dia ho raisina amin'ny alalan'ny didim-pitondrana hataon'ny Ministra misahana ny Asam-panjakana.

Article 15. - Sont et demeurent abrogées toutes les dispositions contraires au présent décret notamment celles du décret n°2002-1195 du 07 octobre 2002 abrogeant et remplaçant le décret n° 93-963 du 14 décembre 1993 fixant la composition ainsi que les règles d'organisation et de fonctionnement du Conseil Supérieur de la Fonction Publique.

Andininy faha-15. - Foana ary foanana ny fepetra rehetra mifanohitra amin'ity didim-pitondrana ity indridra ny fepetran'ny didim-pitondrana laharana faha-2002-1195 tamin'ny 7 octobre 2002 manafoana ary manolo ny didim-panjakana laharana faha-93-963 tamin'ny 14 desambra 1993 mametra ny mpikambana sy ny fitsipi-pandaminana ary ny fomba fiasan'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana.

Article 16. - Le Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales et le Ministre des Finances et du Budget sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au Journal Officiel de la République.

Andininy faha16.- Ny Ministrin'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy sy ny Ministrin'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, no miandraikitra ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakana ny Repoblika.

Fait à Antananarivo, le 3 juillet 2007

PAR LE PREMIER MINISTRE,
CHEF DU GOUVERNEMENT,
Charles RABEMANANJARA

LE MINISTRE DE LA FONCTION PUBLIQUE,
DU TRAVAIL ET DES LOIS SOCIALES

Jacky Mahafaly TSIANDOPY

LE MINISTRE DES FINANCES ET DU BUDGET

Andriamparany Benjamin RADAVIDSON

Natao teto Antananarivo, ny 3 jolay 2007

AVY AMIN'NY NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY
GOVERNEMANTA
Charles RABEMANANJARA

NY MINISTRY NY ASAM-PANJAKANA,
NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY

Jacky Mahafaly TSIANDOPY
NY MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA
SY NY TETI-BOLA
Benjamin Andriamparany RADAVIDSON